


DEREK PRINCE
MINISTRIES INTERNATIONAL

Fivoriana fampaherezam-panahy

Mitafy ilay Vaovao

Ny olon-tsika taloha dia novonoina tao amin'i Kristy mba ho velona ao amintsika ny olom-baovao.



Manambara ny Tenin'Andriamanitra Dries Du Plessis Dries Du Plessis

Miezaka manova ny olona avy ety ivelany foana ny fivavahana: manao zipo lava, manao akanjo malalaka, ampiana haingony amin’ny sisiny, mametraka zavatra eo amin'ny lohanao, manala ny makiazy, manalava ny tanany, manapaka volo, na inona na inona izany. Mifanohitra amin'izany foana no fiasan'Andriamanitra. Izy no manova ny olona avy ao anatiny mankany ivelany. Manomboka amin’izay eritreretintsika Andriamanitra. Hoy Izy: “Raha hisy fiovana mahomby, dia tsy maintsy mieritreritra fomba hafa ianao. Fanahy iray hafa no tsy maintsy miditra ao an-tsainao. Teo ambanin’ny famitahan’i Satana ianareo; ankehitriny, tsy maintsy manokatra ny Fanahin’ny fahamarinana ianareo, dia ny Fanahy Masina.” Vokatry ny fanaovana izany dia afaka mitafy ny toetra vaovao isika — mifanohitra amin’ilay olona taloha.

Hoy ny Efesiana 4:24:

> "Ary mba hotafinareo ny toetra vaovao, izay noforonina araka an’Andriamanitra amin’ny fahitsiana sy ny fahamasinana momba ny fahamarinana."

Ity olom-baovao ity dia noforonina araka an'Andriamanitra, tamin'ny fahitsiana sy ny fahamasinana marina. Nohariana araka ny drafitr’Andriamanitra izy; izy no vokatry ny fikasan’Andriamanitra, ny fitsipik’Andriamanitra, ny modelin’Andriamanitra. Ilay olona taloha dia vokatry ny famitahan’i Satana; ilay olom-baovao dia vokatry ny fahamarinan’Andriamanitra.

Miavaka ny nahatongavan'i Satana tamin'ny taranak'olombelona tamin'ny endrika bibilava. Amin'ny toetra tena maha-izy azy, ny bibilava dia biby miolakolaka, ary heveriko fa sarin'ny devoly — mazava tsara izany, zava-boary miolakolaka izy. Tsy mivoaka amin'ny fahamarinana feno mihitsy izy. Ny teny miavaka milaza ilay olona taloha dia hoe lo.

Tsy maintsy manala ny olona taloha isika ary mitafy ny vaovao. Ny teny miavaka izay mamaritra ny olom-baovao dia marina sy masina.

© 2008 - Dries Du Plessis

Misaotra Anao, Jesosy ô, noho ny amin'ny fifanakalozana teo amin'ny hazo fijaliana. Manambara aho fa manala ny “olona taloha” ary mitafy ny “olona vaovao”, satria fa maty ao amin’i Kristy ilay olona taloha mba ho tonga olom-baovao eo amin’ny fiainako, amin’ny anaran’i Jesosy Kristy, Amena.

Fivoriana fampaherezam-panahy ★

Fandikana: WD-B097-237-MLG

Nohavaozina farany: 15 Oct 2026

Tranokala: Derekprince.com/mg/resources

